



Nataon'ny Loholona Jeffrey R. Holland

Avy amin'ny Kôlejin'ny Apôstôly Roambinifolo

Aza manome toerana intsony ho an'ny fahavalon'ny Fanahiko

Enga anie ho azontsika ny fifaliana vokatry ny fanajantsika izay ambony indrindra sy tsara indrindra ao amintsika, raha tandremantsika, mba hadio araka ny tokony ho izy ny fitiavantsika, ny fiaraha-monintsika ary ny fanahintsika.

Vao tsy ela izay, raha nidina tao amin'ny seranam-piaramanidina lavitra iray izaho sy Rahavavy Holland dia indro nisy vehivavy tanora telo niala avy tamin'ilay fiaramanidina nisy anay ka nirohotra niarahaba anay. Nitono tena ho mpikamban'ny Fiangonana izy ireo, izay tsy nahataitra loatra satria ireo izay tsy amin'ny finoantsika dia tsy mihazakazaka manatona anay eny amin'ny seranam-piaramanidina mazàna. Nandritra ny resaka tsy nam-poizina izay nifanaovanay dia fantatray tamin'ny alalan'ny ranomason'izy ireo fa izy rehetra dia nisara-panambadiana, ary tamin'ny trangan-javatra tsirairay ihany nemitaka azy ireo ny vadin'izy ireo, ary tamin'ny trangan-javatra tsirairay ihany koa dia nitsiry tamin'ny alalan'ny fisarihan'ny pôrnôgrafia ny voan'ny fanandevozana sy ny fandikan-dalàna.

Miaraka amin'izany teny fampidirana mivantana ao anatin'ny hafatro anio izany—izay mananosarotra ihany ny mizara azy—dia mahatsiaro ho toa an'i Jakoba fahiny aho izay nilaza hoe,

“Ary mahory ahy koa ny tsy maintsy ampiasako fahasahiam-pitenenana be momba anareo, manoloana ny vadinareo sy ny zanakareo izay malia sy madio ary marefo fatratra tokoa ny fihetseham-pon'ny ankamaroany eo anoloan'Andriamanitra, izay zavatra mahafinaritra an'Andriamanitra.”¹ Saingy mila sahy isika. Angamba noho ny maha ray na maha raibe ahy, fa ny ranomaso teo amin'ny mason'ireto vehivavy tanora ireto dia nampitomany ahy sy ny Rahavavy Holland ary ny fanontaniana izay napetrany dia nahatonga ahy hanontany hoe, “Maninona no misy fahasimbana ny fomba fisainana manodidina antsika ary maninona no misy olona sy ankohonana maro ka ao anatin'izany ny sasany ao amin'ny Fiangonana no dia tratan'izany ka lasa mitondra takaitra goavana noho izany?”

Kanefa, mazava ho azy fa fantatro farafaharatsiny ny ampahan'ny valin'ny fanontaniako. Matetika ny tenantsika tsirairay dia voatototry ny hafatra

maloto isan- karazany izay mitobaka amintsika avy amin'ny lafiny samihafa. Ireo lafiny ratsy amin'ny sarimihetsika sy ny fahitalavitra ary ny sehatra famokarana mozika dia miha-mivelatra hatrany mankany amin'ny fomba fiteny mamohetra ary ny fahalotoampitondrantena. Ny loza dia ny solosaina sy ny tranokala izay manome fahafahana ahy hanao ny tetiarako sy hanomana ireo anarana ho an'ny asan'ny Tempoly, iny ihany, raha tsy asiana sivana sy fanaraha-maso, no mampiditra ny zanako na ny zafikeliko amin'ny lavaka feno eriteritra maloto izay mety hametraka lavaka lehibe ao amin'ny sain'izy ireo mandrakizay.

Tsarovy fa ireo vehivavy tanora ireo dia nilaza fa ny fanitsakitsahan'ny vadin'izy ireo dia nanomboka tamin'ny fironana tamin'ny pôrnôgrafia, saingy ny fahalotoampitondrantena dia tsy olan'ny lehilahy irery ary tsy ny lehilahy manambady ihany no mety handratra. Ny zavatra mety hitranga rehefa mikitika bokotra iray amin'ny solosaina—ao anatin'izany izay mety mitranga ao anaty efitra hanaovana fifampiresahandavitra—dia tsy manavaka na iza na iza na tanora na antitra, na manambady na mpitovo. Ary mba tena ho azo antoka fa mora kokoa hatrany ny hahatafidirana amin'izany fakam-panahy izany dia sahirana mafy ny fahavalo manitatra ny tsenany, araky ny fiteny eo amin'ny sehatry ny famokarana, amin'ny alalan'ireo finday sy ireo kilalao amin'ny solosaina ary ireo MP3.

Raha mitsahatra manapaka ny rantsan'io olana io isika ka tonga dia mikapa mivantana any amin'ny fakana'ilay hazo dia tsy hahagaga antsika ny mahita ny fanirian-dratsy miafina ankafetsena ao. Ny fanirian-dratsy dia teny tsy misy tsirony ary tena lohahevitra tsy misy tsirony raha resahina saingy misy antony mitombona mahatonga azy ho fantatra ho isan'ny “fahotana fito mahafaty” ho an'ny finoana sasany.²

Fa maninona ny fanirian-dratsy no fahotana “mahafaty”? Eny, ankoatry ny fiantraikany izay mandrava tanteraka ny fanahintsika dia mihevitra aho fa ota izany satria manimbazimba ny fifandraisana ambony sy masina indrindra izay omen'Andriamanitra antsika eto amin'ity fiainana an-tany ity—dia ny fitiava-

na izay misy eo amin'ny lehilahy sy ny vehivavy sy ny faniriana ananan'ny mpi-vady mba hitondra zaza ao anaty fianakaviana iray izay antenaina ho mandrakizay. Indray maka nisy olona nilaza fa tokony ho tafiditra ao amin'ny fitiavana marina ny hoe faharetana. Ny fitiavana marina dia maharitra. Saingy ny fanirian-dratsy dia miova haingana manaraka ny fihodin'ny pejy pôrnôgrafika na ny topi-maso amin'ny zavatra iray izay mitondra fahafaham-po mandalo, na ho an'ny lahy na ho an'ny vavy. Ny fitiavana marina izay tena mahafanina antsika tokoa—tahaka ahy amin'ny rahavavy Holland; dia ambarantsika eny amin'ny tafontrano. Saingy ny toetra mampivavaka ny fanirian-dratsy dia ny fahamenarana, ny fisokoana mangina ary araka ny haiaretina dia miseho ankiafinafina mihitsy—arakaraky ny maha tara sy ny mahamaizina ny andro no mahatsara azy, miaraka amin'ny varavarana mihidy mafy sao sanatria. Ny fitiavana dia mahatonga antsika hitodika ho azy any amin'Andriamanitra sy ny hafa. Etsy ankilany, ny fanirian-dratsy dia izay zavatra rehetra ankoatry ny zavatra araka an'Andriamanitra ary ny fanirian-dratsy koa dia izay zavatra mamporisika ny famelana ny tena hanao izay tiana atao. Ny fitiavana dia tonga miaraka amin'ny tanana sy fo misokatra, ny fanirian-dratsy kosa dia tonga miaraka amin'ny filàna lehibe fotsiny ihany.

Ireo dia ampahany ihany amin'ireo antony mahatonga ny fanolakanana ny tena dikan'ny fitiavana ho tena mandrava—na an'eritreritra izany na miaraka amin'ny olona iray hafa. Mandrava izay manan-danja indrindra aorian'ny finoantsika an'Andriamanitra izany—dia tsy inona fa ny finoantsika ireo izay tiantsika. Izany dia manozongozona ny andrin'ny fahatokisana izay iorenan'ny fitiavana ankehitriny—na amin'ny hoavy—ary mitaky fotoana lava ny manarina indray izany fahatokisana izany rehefa very. Hitaro izany hevitra izany—na izany eo amin'ny fiainana manokana amin'ny maha-olona iray ao amin'ny fianakaviana, na eo amin'ny besinimaro amin'ny maha olo manan-kaja, na mpitarika orinasa, na olo-malaza na mpanao fanatanjahan-tena malaza—ary dia tsy ho ela dia afaka manantona soratra isika, eo amin'ilay trano lehibe izay naorina



mba hitoeran'ireo fiaraha-monina tompon'andraikitra ara-pitondrantena, izay milaza hoe, “Tsy misy mipetraka ity trano ity.”³

Na manambady isika na mpitovo, na antitra na tanora, dia handeha hiresaka kely mikasika ny fomba hiarovana amin'ny fakam-panahy, na manao ahoana na manao ahoana fisehoan'izany. Mety tsy afaka hanasitrana ny aretina rehetra mahazo ny fiaraha-monina isika saingy handeha isika hiresaka mikasika ny asa manokana azon'ny tsirairay atao.

- Ambonin'ny zavatra rehetra aloha dia atombohy amin'ny fisarahana amin'ny olona, na zavatra na toejavatra izay handratra anao izany. Tahaka ny fahalalan'ireo izay mitolona amin'ny fisotroana, ny fihoram-pefy dia mety hahafaty. Tahaka izany koa ny amin'ny sehatra ara-pitondrantena. Tahaka an'i Josefa teo anoloan'ny vadin'i Potifara,⁴ mandosira fotsiny—andosiro faran'izay lavitra vitanao izay zavatra na olona rehetra maka fanahy anao. Ary miangavy aho, rehefa mandao ny sehatry ny fakam-panahy ianao dia *aza* mamela adiresy.
- Fantaro fa ny olona izay voafatotry ny rojon'ny fiankinan-doha mandrava dia matetika mila fanampiana mihoatra noho ny fanampian'ny tenany samirery, ary mety tafiditra ao anatin'izany ianao. Tadiavo izany fanampiana izany ary raiso antanan-droa. Miresaha amin'ny evekanao. Araho ny toroheviny. Mangataha tsodranon'ny fisoronana. Ampiasao ny zavatra atolotry ny Family Services an'ny Fiangonana na mitadiava fanampiana hafa avy

amin'izay matihanina mety aminao. Mivavaha tsy tapaka. Mangataha anjely mba hanampy anao.

- Miaraka amin'ireo sivana amin'ny solosaina ary ny fanidiana ny fiankinan'ny fo amin-javatra dia tsarovy fa ny hany tena fifehezana eo amin'ny fiainana dia ny fifehezan-tena. Mampiasà fifehezana bebe kokoa, eny na dia amin'ny fotoana ivelan'ny tokony ho izy izay atrehanao aza. Raha tsy mendrika ny fandaharana iray amin'ny fahitalavitra, dia piho izany. Raha toy izany koa ny horonantsary iray dia mivoaha. Raha mi-sy fifandraisana tsy araka ny tokony ho izy mivoatra dia tapaho izany. Maro amin'ireo zavatra misarika ireo no mety tsy tena hoe ratsy aloha amin'ny voalohany, saingy afaka manova ny fahaizantsika mandanja-lanja izany sy manangoly ny arapanahintsika ary mitarika any amin'ny zavatra izay mety ho ratsy. Ny ohabolana taloha iray dia milaza fa ny dia enin-jato sy arivo kilaometra dia manomboka amin'ny fanaovana dingana iray,⁵ koa mitandrema rehefa manao dingana.
- Toy ny mpangalatra amin'ny alina, ireo eritreritra izay tsy tadiavina dia mitady irika hidirana ao antsaintsika. Saingy tsy tokony hosokafantsika midanadana ny varavarantsika ka hampandroso dite sy tsakitsaky ho azy ireo isika ary avy eo dia hanoro azy ireo ny fitoeran'ny zava-tsarobidintsika (tsy tokony handroso dite akory aza isika). Roahy ny olon-dratsy! Soloy sary feno fanantenana sy fahatsiarovana feno fifaliana ireo eritreri-dratsy. Alaivo sary an-tsaina ny endrik'ireo izay tia anao izay ho potika raha mandiso



fanantenana azy ireo ianao. Mihoatra ny iray ny lehilahy avotra tamin'ny ota na hadalana noho ny fieritretana ny endriky ny reniny, ny vadin'ny na ny zanany izay miandry azy any an-trano any. Na inona na inona eritreritrao, ataovy azo antoka fa “izay nahazo fanasana ihany” no azo ampandrosoana ao am-ponao. Tahaka ny tenin'ny mpahaitononkalo iray manao hoe, aoka ny sitraponao no ho eritreritrao.⁶

- Amboleo ao aminao ny Fanahin'ny Tompo ary aoka ho any amin'izay misy azy no misy ianao. Ataovy azo antoka fa tafiditra ao anatin'izany ny tokantranonao, ka izany no hamaritry ny karazana zava-kanto sy hira ary haisoratra izay hazoninao ao. Raha efa nandray ny fanafiana masina ianao, dia mankanesa matetika any amin'ny Tempoly araka izay tratranao eo amin'ny fiainanao. Tsarovy fa ny Tempoly dia manafy anao “[amin'ny] herin' [Andriamanitra], . . . [mametraka] ny voninahy [ny] . . . hano-didina [anao], ary [hanome] ny anjeli [ny] . . . hikarakara [anao].”⁷ Ary rehefa mivoaka ny Tempoly ianao dia tsarovy ireo marika entinao miaraka aminao, mba tsy tokony ho avena na ho adino na oviana na oviana.

Ny ankamaroan'ny olona izay manana olana dia miafara amin'ny fitomaniana hoe “Fa inona no mba tato antsaiko?” Na inona na inona tao antsaiky, dia tsy nieritreritra an'i Kristy izy ireo. Kanefa amin'ny maha mpikambana antsika ao amin'ny Fiangonany dia manaiky isan'Alahady isika ny hitondra

ny Anarany ary mampanantena ny “hahatsiaro azy mandrakariva”⁸. Ka handeha isika hiasa mafimafy kely kokoa amin'ny fahatsiarovana Azy—indrindra fa Izy no “nitondra ny aretintsika, sady nivesatra ny fahoriantika . . . sy notorotorina noho ny helotsika; . . . ary ny dian-kapoka taminy no nahasitranana antsika”⁹. Azo antoka fa hitarika antsika eo amin'ny zavatra ataontsika amin'ny fomba mahatalanjona izany raha toa tsaroantsika fa isaky ny mandika lalana isika dia tsy mandratra ireo izay tiantsika fotsiny ihany fa mandratra Azy ihany koa, Izy izay tena tia antsika tokoa. Kanefa raha manota isika, na dia lehibe tahaka ny inona aza izany ota izany dia azon'io olona manan-kaja io ihany vonjena isika, Izy ilay mitondra ilay hany anarana nomena eto ambany lanitra ahafahan'ny lehilahy sy ny vehivavy rehetra ho voavonjy.¹⁰ Rehefa miatrika ny fandikan-dalana ataontsika isika ary to rotoron'ny alahelo marina ny fonsika dia aoka isika hanao toy an'i Alma nibe-baka sy hilaza ilay hikikiaka nampiova ny fiainany hoe, “Ry Jesoa ô, Ianao Ilay Zanak'Andriamanitra, mamindrà fo amiko.”¹¹

Ry rahalahy sy anabavy, tiako ianareo. Ny Filoha Thomas S. Monson sy ireo rahalahy dia tia anareo. Ary mbola manan-danja lavitra noho izany, ny Rainareo any an-danitra dia tia anareo. Niezaka niresaka momba ny fitiavana aho androany—ny fitiavana marina, ny fanajana izany sy ny endriny marina eo anivon'ireo fiaraha-monina madio izay fantatry ny zanak'olombelona hatramin'izao; ary ny fahamasinan'izany eo amin'ny lehilahy iray sy vehivavy iray

mpivady sy ireo fianakaviana izay niforona tamin'ny alalan'ny fitiavana. Niezaka niresaka mikasika ny fanavotana hoentiny izany fitiavana sy fiantrana velona izany aho, izay tonga amintsika amin'ny alalan'ny fahasoavan'i Kristy mihitsy. Noho ny filana izany dia niresaka ihany koa mikasika an'i *El Diablo* aho, ilay devoly toetra, ilay rain'ny lainga sy ny fanirian-dratsy, izay hanao izay rehetra vitany mba hanova izany rehetra izany, ka hanimbazimba na handrava ny tena fitiavana, na aiza na aiza ary na oviana na oviana hahitany izany. Ary niresaka aho mikasika ny fanirian'ny handrava antsika raha azony atao izany.

Rehefa miatrika ireny fakam-panahy ireny isika amin'izao androntsika izao dia tokony miteny tahaka an'i Nefia zavotolahy hoe: “[Izaho dia tsy] hanome toerana intsony ho an'ny fahavalon'ny fanahiko.”¹² Afaka manda ilay ratsy isika. Raha maniry mafy sy lalina an'izany isika, dia ho azo levilevena sy ho voalevilevin'ny hery manavotr'i Jesoa Kristy Tompo io fahavalo io. Ankoatr'izany, izaho dia mampanantena anareo fa ny fahazavan'ny Filazantsarany mandrakizay dia afaka hamiratra ary tena hamiratra indray eo amin'ilay fotoana natahoranareo fa ilay fiainana dia lasa maizina tsy misy azo antenaina sy tsy misy antony intsony. Enga anie ho azontsika ny fifaliana vokatry ny fanajantsika izay ambony indrindra sy tsara indrindra ao amintsika, raha tandremantsika mba hadio araka ny tokony ho izy ny fitiavantsika, ny fiaraha-monintsika ary ny fanahintsika. Izany no vavaka ataoko amin'ny anaran'i Jesoa Kristy, amena. ■

FANAMARIHANA

1. Jakoba 2:7.
2. Jereo, ho ohatra, Henry Fairlie's excellent *The Seven Deadly Sins Today*, 1978.
3. Jereo Fairlie, *The Seven Deadly Sins Today*, 175.
4. Jereo Genesisy 39:1–13.
5. Lao Tzu, in John Bartlett, natambatra tao amin'ny *Bartlett's Familiar Quotations*, boky nivoaka faha-14. (1968), 74.
6. Jereo Juvenal's *The Satires*, satire faha-6, andalana faha-line 223.
7. Fotompampianarana sy Fanekehampihavanana 109:22.
8. Fotompampianarana sy Fanekehampihavanana 20:77–79.
9. Isaia 53:4–5.
10. Jereo Asan'ny Apostoly 4:12
11. Alma 36:18
12. 2 Nefia 4:28